Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 30/09/2023 hatramin'ny 07/10/2023

- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1480-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIHETSIKY NY ZANDARY SASANY

Manala baraka ny anaran'ny kolonely Ratsimandrava

Isaky ny tonga ny 11 Febroary dia tsy tapaka manamarika ny 11 Febroary 1975, vaninandro namonoana ny Kolonely Ratsimandrava, ny fianakaviamben'ny Zandarimariampirenena, eny Ambohijatovo ambony toerana nisehoan'ny famonoana no fanaovana ny fahatsiarovana .

Tanisaina mandritra ny fifandimbiasam-pitenenana ny tantaran'ny Kolonely Richard Ratsimandrava , ny zava-bitany, ny fitiavan-tanindrazana nasehony, sns...

Tsy afa-misaraka amin'ny tantaran'ny Zandarimariampirenena ny tantaran' ny Kolonely Ratsimandrava.

Ny Zandarimaria dia vondron'ny mpitandro filaminana, izay tsy hita raha tsy any Frantsa sy aty amin'ireo zanatany frantsay. Ho antsika eto Madagasikara, fony mbola zanatany frantsay, dia nisy ny nantsoina hoe '' Garde Indigène'', ny asa nosahanin'izany ''garde indigène ''izany araky ny anarany dia mpitandro filaminana natao hamoritra ny vahoaka voazanaka . Navadika ho ''Gendarmerie Nationale'' nony tonga ny fahaleovantena , ary taorian'ny nandraisan'ny Komandà Ratsimandrava Richard ny fibaikoana dia niova ho Zandarimaria Nasionaly ny anarany ary taorian'ny taona 1972 dia niova ho Zandarimariampirenena.

Ny Kolonely Ratsimandrava no teratany malagasy voalohany nifehy ny zandarimaria, manamboninahitra tao amin'ny tafika malagasy izy, no nalefa niofana tany Melun tany Frantsa, niverina avy any izy no nandray ny fifehezana , kapiteny vao nakarina komandà izy tamin'izany, ny Jeneraly Boquinot, ilay teratany sonegaly nizaka ny zompirenena frantsay sahala amindRaCedric no komandin' ny Zandarimaria nosoloiny.

Niavaka ny Kolonely Ratsimandrava tamin'ny fomba nitantanany ny zandarimaria satria dia nihàtra ara-bakiteny ny teny filamatra manao hoe:'' Tanindrazana sy Lalàna'', niasa tamin-kitsimpo ireo zandary ary lavitra an'izy ireo ny kolikoly tamin'izany, voafehy ny halatr'omby

ka na nisy aza tamin'izany, dia ilay halatr'omby vokatry ny fanajana ny fombandrazana, raha hazavaina tsotsotra dia ilay antsoina hoe ''omby mifindra vala'', omby vitsy ihany no nangalarina ary tsy nisy ny famonoan'olona toy ny ataon'ny dahalo amin'izao fotoana izao.

Raha teo amin'ny fitantanana ny raharahampirenena dia mazava tsy takona afenina, fa olon'ny fifanakalozan-kevitra ny Kolonely Ratsimandrava, nampiavaka azy ny finiavany nifampitafa tamin'ny vahoaka malagasy, hatrany amin'ny faritra sarodalana indrindra, nahatonga azy natao hoe: ''Minisitry ny Alaolana'', nalalaka ihany koa ny fanehoankevitra fony izy minisitry ny atitany, nofoanany ny sivana, ary tsy nisy ny fisamborana ireo izay naneho hevitra na andalambe na tamin'ny fampahalalambaovao.

48 taona taorian'ny nahalasanan'ny Kolonely Ratsimandrava dia mivaona tanteraka amin'ny nataon' ity manamboninahitra tena tia tanindrazana ity, ny ataon'ny sasantsasany amin'ireo tompon'andraikitra mifehy ny zandarimariampirenena, voahosihosy ny teny filamatra: ''tanindrazana sy lalàna'', satria manome vahana sy miaro anjambany ny mpandika lalàna tanteraka ary i Ra-Cedric no tanindrazana tompoin'ny sasantsasany amin'ireo zandary, ny fanehoankevitra nalalaka fony faha-Ratsimandrava dia nohi- tsakitsahina an-tampon' ny loha .

Tamin'ny taona 1947 dia nalaza ny hoe ''sonegaly nahazo baiko'', satria voatery niantso miaramila afrikana ny mpitondra frantsay, satria maro ireo miaramila malagasy no tsy neny namono ny mpiray firenena taminy, amin' izao fotoana izao dia mbo- la mitana izany fitiavan-tanindrazana izany ny miaramila sy ny polisy malagasy , saingy indrisy fa ireo zandary sasantsasany izay mitonona ho zaza navelan'ny Kolonely Ratsimandrava indray, no maneho fihetsika mamohehitra manoatra noho ny nataon'ireo sonegaly nahazo baiko, ary mamerina ny laza ratsin'ny ''garde indigène'', ka manalabaraka ny anaran'ny Kolonely Ratsimandrava.

Teratany vahiny no nibaiko ny ''garde indigène'' fahiny, fa ankehitriny dia teratany malagasy manaiky baikon'ilay vazaha taratasy, filoha efa lany daty, tsy filoha faratampon'ny foloalindahy intsony, no mbola manao tsipakin'ny miala aina.

Ny Valosoa

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 446



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0445)

Mitsivalana
- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)
- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD
- Atao – Toy

Mitsangana
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra
- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

TENY MIFANAPAKA N° 446



Mitsivalana

1. Fanomezana an-tsitrapo **2.** Tsirin-teny Iharana – Solfa **3.** Lalao farany ahitana izay tompondaka **4.** Mpimasy – Efatra Romana **5.** Bibkely – Lio – Tsy sahy intsony **6.** Atao milahatra tsara – Kilaometatra **7.** Tendron'ny fandrefesana - Miaraka amin'ny atsy **8.** Fotoana – Taova **9.** Niasa – Fitsaboana **10.** Mari-bola – Natsahatra (miv)

Mitsangana

A. Sampana ao amin'ny finoana **B.** Hazandrano **D.** Nanatsara ny simba **E.** Milaza fananana – Karazana mofo (BR) **F.** Tsy salama – Toerana **G.** Raharaha ataonao **H.** Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretina – Marina (miv) **I.** Aiza – Matoanteny (miv) **J.** Nisondrotra ambony **K.** Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0445

Mitsivalana

1. Fanorenana **2.** Iva - Enina **3.** Rina - Toy (miv) **4.** Naoty - Foza **5.** Ro - Sakay **6.** Roa - (S)aina **7.** Antitra - SG **8.** Niala - Ota **9.** Navela **10.** Ovay - Monja

Mitsangana

A Fianaranao **B.** Avia - Ony **D.** Nanoratana **E.** Ato - Ilay **F.** Re - Vata (miv) **G.** Eny - Sir(a) **H.** Niofana - Lo **I.** Antoka - Nao (miv) **J.** Na - Za(to) - ST **K.** Haingana